MIDSP
MINISTÈRE DE L'INDUSTRIALISATION
ET DU DÉVELOPPEMENT DU SECTEUR PRIVÉ

FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

Talata 03 novambra 2026

I. FAMPITANA AM-BAVA

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankatoavana ny fanofam-pitantanana ny ivon-toeram-pambolena sy fanodinana siramamy ao Betsipotika, Kaominina Analaiva, Distrikan'i Morondava, Faritra Menabe, an'ny orinasa SIRANALA S.A, mba hamerenana indray ny asa famokarany siramamy.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitra momba ny toe-draharahan'ny tetikasa *One District, One Factory (ODOF).*

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tatitra mikasika ny fifanaraham-piaraha-miasa tamin'ny 1 oktobra 2015 izay nifanaovan'ny orinasa SIRAMA S.A sy ny Kaompania *VIDZAR* sy ny fifanaraham-panofana tany maharitra laharana faha 433 tamin'ny 8 septambra 2016 teo amin'ny orinasa SIRAMA S.A sy ny orinasa *SASM S.A.*

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANANA NY SEHATRA TSY MIANKINA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY FITSARANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanaovan-tsonia taratasy fikasana ho an'ny fifanarahana momba ny fanamarihana ireo zava-noforonina eoropeanina.

III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa SAIDSON Jean Roger** ho Tale misahana ny Fitantanam-bola eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Fampivelarana ny Sehatra tsy Miankina.